# Fifehezana fotopampianarana: Fitsapam-pahaizana 2—Tari-dalana ho an’ny fandalinana

### ALMÀ 7:11–13 HATRAMIN’NY MÔRÔNIA 10:4–5

## Ataovy tsianjery ireo toko sy andininy sy andianteny manan-danja

Ataovy izay hahatonga anao hifankazatra amin’ireo toko sy andininy fifehezana fotopampianarana sy andian-teny manan-danja ao amin’ny soratra masina. Azonao atao ny misintona sy mampiasa ny application Maîtrise de la doctrine mba hanampy anao amin’ny famerenana.

### Fifehezana fotopampianarana ao amin’ny Bokin’i Môrmôna: Almà–Môrônia

| Toko sy andinin-tsoratra masina | Andianteny manan-danja ao amin’ny soratra masina |
|---|---|
| Almà 7:11–13 | “Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany.” |
| Almà 34:9–10 | “Tsy maintsy misy sorompanavotana atao, . . . sorona tsisy fetra sady mandrakizay.” |
| Almà 39:9 | “Tsy handehananao intsony araka ny fitsiriritan’ny masonao.” |
| Almà 41:10 | “Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana.” |
| Helamàna 5:12 | “Eo amin’ny vatolampin’ny Mpanavotra antsika no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo.” |
| 3 Nefia 11:10–11 | “Efa niaretako ny sitrapon’ny Ray tamin’ny zava-drehetra tany am-piandohana.” |
| 3 Nefia 12:48 | “Aoka ho tanteraka tahaka Ahy, na ho tanteraka tahaka ny Rainareo izay any an-danitra.” |
| 3 Nefia 27:20 | “Mankanesa atỳ amiko ary aoka hatao batisa . . . mba hahazoana manamasina anareo amin’ny fandraisana ny Fanahy Masina.” |
| Etera 12:6 | “Tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian’ny fizahan-toetra ny finoanareo.” |
| Etera 12:27 | “Raha manatona Ahy ny olona, . . . amin’izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy.” |
| Môrônia 7:45–48 | “Ny fiantrana kosa dia ny fitiavana madion’i Kristy.” |
| Môrônia 10:4–5 | “Manontany amin-kitsimpo, omban’ny tena finiavana, sady manam-pinoana an’ i Kristy . . . [ary] amin’ny herin’ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan’ny zava-drehetra.” |

## Ampiharo amin’ny toe-javatra tena misy ny fotopampianarana

Mampiasà farafahakeliny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray mba:

- Hanazavana ny zavatra angatahin’ Andriamanitra hataontsika mba hahafenoana fepetra amin’ny fiainana mandrakizay.

- Hanampiana ny olona iray izay te hahalala ny fomba ahafahany manamafy orina ny fijoroany ho vavolombelona.

- Hanazavana ny lanjan’ny iraka nataon’i Jesoa Kristy amin’ny maha Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy.

- Hanazavana ny zavatra azon’ny Mpamonjy atao mba hanampiana antsika amin’ny zava-tsarotra na fakam-panahy atrehintsika.

Miomàna hizara ny hoe iza tamin’ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana no nisy fiantraikany indrindra taminao ary nahoana.

## Fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy

Avereno jerena ny andiam-pehezanteny 5–12 ao amin’ny fizarana “Mahazo fahalalana ara-panahy” ao amin’ny *Tahirin-kevitra fototra ho an’ny fifehezana fotopampianarana*. (2023). Saintsaino ny fomba ahafahanao mampiasa fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy mba hanampiana olona iray handresy zava-tsarotra na ahiahy iray atrehiny.

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_523-teacher_handout-1